

FAHITANA SY FIKASANA NOMEN' ANDRIAMANITRA ANAY HO AN'I MADAGASIKARA



Nosoratan' ny Anabavy M.A. DAOUD
(Nadikan' ny Mpitandrina Razafimpianarana Joro)

Vao avy namarana ny fitoriana Filazantsara lehibe tany Uganda izahay tamin' ny taona lasa... taorian' ny nitorian-teny tany Pakistan nandritra ny maherin' ny efa-bolana sy tapany... Vizaka izahay ary nila fialan-tsasatra... na dia izany aza, ny fonay sy ny masonay dia nifantoka “NIJERY NY ENY AN-TSAHA izay EFA MASAKA HO AMIN'NY FANANGONAM-BOKATRA” Mat 9: 38... Kely dia kely ny volanay ka tsy ahafahanay mivezivezy sy mandingana toerana mila anay raha tianay ny hanakatra azy ireo amin'ny fitoriana Filazantsara. Koa teo am-piandrindrana an' ANDRIAMANITRA hitarika anay amin' izay aleha izahay dia naka takela-taratasy kely teo amin' ny latabatry ny tranom-barotra iray tao Nairobi – nilaza momba an' i Madagasikara io...

Efa an-taonany maro no nanirianay fatratra hankany Madagasikara hitoriteny... ankehitriny dia saran-dalam-piaramanidina 250 dolara monja no tsy ahatongavanay ao ... na 500 dolara ny anay mivady ... Notarihan' Andriamanitra izahay hivididy billet dia niainga avy hatrany – ny tena marina tsy fantatray na nanana ny herim-batana hanaovana fivoriana indray izahay na tsia, kanefa ora iray taorian' ny nigadonanay tao Antananarivo, raha nahita ireo vahoaka nifanaretsaka eny an-dalana izahay dia niontana ny fo tao anatinay, nisy hery vaovao tonga, ka dia fantatray fa hanao fivoriana izahay noho ny fanampian' ny Tompo! “Raha teny an-dalana aho dia notarihan' ny Tompo...” Gen 24: 27 ... no azo antoka ho zava-nisy tamin' izay.

Tsy nahalala na iza na iza izahay ... tsy nisy olona nanasa anay, ary toa tsy nisy olona nila anay koa! – Nandritra ny herinandro roa no nivezivezenay niezaka hitady fiaraha-miasa ... nony farany, rehefa saika tsy nisy nanantenana intsony, dia nankany amin' ilay olona farany nolazaina fa afaka hanampy izahay. NANAMPY TOKOA io sady nahafinaritra no haingana ... avy hatrany dia namela ny zava-drehetra izy ka nitarika anay hihaona amin' ny mpandikateny roalahy tena havanana amin'ny teny Malagasy ... mpitandrina amin' ny fiangonana fanta-daza ...

Ravoravo ireo nanampy anay, ary niaraka tamin' ilay lehilahy teo aloha dia nandika ny taratasy filazana sy nanonta printy ireo ... ny kompanian' ny fiarandalamby no nampanofa ny tanimalalaka, ny kompanian' ny jiro no nametraka ireo fanazavana, izaho kosa nandritra izany nijoro teny an-tsena nizara ireo taratasy filazana aman' arivony tamin' ireo vahoaka izay nirohotra nanatona

... Tamin' izay dia nisy Malagasy tsara fanahy tia fifohazam-panahy tonga nanampy ahy nizara ireo taratasy filazana. Telo andro tato aoriana ... natomboka ny Fitoriana Filazantsara ...

VAHOAKA RE IZAO – mihoatra ny 35 000 olona no nihaino ny teny tsirairay avy! Nahafinaritra ny fotoana nivavahana – ary ireo fahagagana no vao mainka nampiantanentana ... ny voalohany dia zazavavy 9 taona, nalemin' ny polio tsy afaka namindra, no sitrana tampoka ka nihazakazaka nananika ny totohatri ny stady niaraka tamin' ireo ray aman-dreniny nanaraka teo aoriana... Tena diboky ny hafaliana izy ireo ... mbola vao teo amin' ny fisasahan' ny fanambarany izay nataon' Andriamanitra taminy ireo, no indreo olona maherin' ny zato no nirohotra nandroso hijoro vavolombelona ny amin' ny FOMBA NANASITRANAN' ANDRIAMANITRA azy avy.

Ny ampitso hariva teo am-piomanana hankany amin' ny fivoriana izahay no niantso telefaonina ny Polisy mba tsy HANKANESANAY any amin'ny tanimalalaka ... Nofonanana ny fivoriana! – Voadona ny fonay! – Efa ho vola 1 500 dolara no tsy mainsty nolanianay hanombohana ny fivoriana – anefa ankehitriny dia rava ny zava-drehetra!

Ireo mpandika teny dia efa nankany amin' ny fivoriana ka nahita ny polisy nanosi-bohontanana ireo olona aman' arivony ... ny sasany niverina nody sady nitomany nibaby ireo marariny sy maleminy teo an-damosiny. Ny hafa niala tamin-kasosorana. FA NY REHETRA DIA NITAKY TAMIN' NY POLISY NY TOERANA HANAOVANA IREO FIVORIANA MANARAKA! – Ny sasany izay tonga tao amin' ny stady talohan' ny amin' ny 1 na 2 ora tolakandro dia tsy nety niala – mbola niandry anay ho tonga amin' ny 8 ora alina. Ny lehiben' ny polisy dia nitankemotra ka niverina ho any amin' ny Foibem-piasany hihevitra miaraka amin' ireo namany hafa izay tokony hatao ... Nitaky ny hanohizana ny fivoriana ny olona.

Nankany amin' ny polisy izahay ny ampitso hamantarana ny anton' ilay fanafoanana tampoka – “ FITOHANAN' NY FIFAMOIVOIZANA” – be loatra ny fifamoivoizana amin' ny lalana kely sady ety ...

Voatery izahay hamindra ny fivorianay any amin' ny 15km any ambanivolo ho ao amin' ny tsenan' omby ... raha tianay ny mbola hanohy ny fivoriana. Azo antoka fa tsy nampoizin' izy ireo velively ny fifamoivoizana mavesatra hanemitra ny arabe 15km mandritra ny 26 andro ... mandrapitandahatr' ireo polisy 45 nifanelanelana nanaraka ny 15km handamina ny fifamoivoizana ... Amin'ny 12 ora sy sasany isan' andro ireo no tonga eo amin' ny toerany nanerana ny arabe, ary tsy afa-niala raha tsy taorian' ny amin' ny 8 ora ka hatramin' ny 10 ora alina ... Rehefa nadiava hifarana ny 26 andro dia nametra-panontanianana ireo “ MANDRA-PAHOVIANA no haharetan' izao fivoriana izao ... mbola hisy firy herinandro?”

... Zava-dehibe sesehena no nataon' Andriamanitra isan'andro! Haleloia! ...

Olona maro no nanomboka tonga avy amin' ny faritra manerana ny nosy niangavy anay hankany amin' ny tanandehibeny koa ... hanao fitorianteny lehibe ... Ny Governora tsara fanahy iray dia naniraka ny vadiny miaraka amin' ny manam-pahefana iray hiangavy anay amin' ny fomba ofisialy hankany amin' ny renivohiny hanao fivoriana amin-kalalahana na aiza na aiza ahazoanay manao izany – Tena torovana dia torovana izahay, zara raha avy miaina ... kanefa rehefa niala-sasatra nandritra ny andro vitsivitsy dia nomen' ny Tompo tanjaka vaovao indray ka nankany Fianarantsoa nanao ny Fitoriana Filazantsara lehibe faharoa ... vahoaka sesehena no nifanizina

isan'andro hihaino ny Tenin' Andriamanitra Sarobidy! Tsy tambo isaina ny FAHAGAGANA mikasika famonjena sy fanasitranana! Haleloia!

Rahefa izany dia tsy maintsy nihataka mba tena hiala-sasatra izahay. Dia nandao an' i Madagasikara izahay nandritra ny volana vitsivitsy manaraka mandra-pifaran' ny vanimpotoanan' ny orana.

Rehefa tapitra ny vanimpotoanan' ny orana dia nentin' Andriamanitra izahay hiverina any Madagasikara indray ... tamin' ity indray mandeha ity dia ny hanao fifohazam-panahy tamin' ny renivohitra nifandimby izay efa niandry nandritra ny taona iray mba hanana ny anjarany hahazo Fitorianteny lehibe sy hihaino ny Herin' ny Filazantsaran' i Jesosy Kristy Tompo!

Nanerana ny nosy no nandehananay nandritra ny fito volana nanao fifohazam-panahy mitohy tany amin' ireo faritany lehibe indrindra izay nonenan' ny ankamaroan' olona ... mba ahazoanay manakatra olona betsaka indrindra amin' ny Filazantsara – Tena mankasitraka an' Andriamanitra izahay noho ny fanangonana fanahin' olona betsaka – Vahoaka marobe no nanapa-kevitra hanaraka an' i Jesosy Kristy. Nandoro antontana ody ratsy sy sampy mbamin' ny zavatra maro fanompoana devoly izahay tany amin' ny tsirairay avy tamin' ireo fifohazam-panahy lehibe ireo. Jentilisa zavon-tany no sambany nandre ny Filazantsara ka nanaiky an' i Jesosy! Mpitandrina amin' ny antokom-pivavahana maro no nandray fanampiana lehibe sy fahazavana avy amin' ny Soratra Masina ka tonga nahafantatra izay atao hoe tena “ ateraka indray ” ... kanefa toy ny mahazatra, ny famehezan' ny mpitondra fiangonana sy ny fombafomba dia tsy voaova mora fa mitarika fandroahana ilay mpitandrina avy ao am-piangonana ... Izany anefa dia vidiny tsy ny olona rehetra no manaiky handoa azy!

Fa rehefa nandre anay nitoriteny ny olona dia fanahy aman' arivony no nanomboka nitaraina taminay mba hijanona ka hampianatra azy ireo BE BE kokoa ny Filazantsara ahazoany mianatra ny fomba hanarahana tanteraka an' i Jesosy! Maro no tsy mbola nandre mihitsy teo aloha ny momba ny Lanitra ... na ny fomba ahatongavana any ... maro no tsy mbola nandre mihitsy akory ny fitsanganan' ny tena amin' ny maty! – maro ihany koa no tsy mbola nandre mihitsy ny fahatsapan' ny famonjena an' ny “ nateraka indray ”, ary koa ny fiverenan' i Jesosy Kristy ety an-tany indray!

Arakaraka ny nandrenesany anay mitoriteny – no iangaviany anay hijanona miaraka aminy ka hampianatra azy ny BAIBOLY MANONTOLO ... ary hanana sekoly ara-Baiboly hanofanana azy ho mpitoriteny!

Tampoka no niatrehanay ny hoe IZA NO HAMAHANA IREO VAO NIOVA FO IREO AMIN' NY FILAZANTSARA FENO sy madio rehefa lasa izahay? – tsy nisy fiangonana fantatray mitory ny famonjena an' ny “ ateraka indray ” – ny tsirairay avy dia nitoky tamin' ny batisan-jaza mba hamonjena azy ... ireo fombafombam-piangonana dia tsy namela ny fitarian' ny Fanahy akory na dia ny mikasika izay toriteny ilain' ny mpiangona aza ... ireo olona anefa dia mila toerana izay ahazoany mitohy mihaino izay norenesiny tao amin' ny fitoriana Filazantsara nataonay!

Tena sahiran-tsaina izahay ... tamin' ny ankabeazan' ireo toerana nalehanay dia nahitanay fa Andriamanitra dia nanana , na izany mpitory ny Filazantsara feno izay vao tonga ka nanorina misiona kely izay afaka hanitatra ny ambaindainty ka hikarakara ireo vao niova fo, na koa nisy antokona teratany vitsivitsy azonay nametrahana ireo vokatry ny asa fanompoanay ... na dia tany amin' ny firenena tena lavitra sy toerana tsy mbola nitoriana Filazantsara aza ... FA IZANY dia tsy mba hitanay taty Madagasikara!

Eny ny Fanahy Masina dia tsy nitsahatra nandodona anay hanohy ny fifohazam-panahy ... ary taorian' ny efa-bolana teto amin' ity firenena ity izao indray maka izao dia nasehon'

ANDRIAMANITRA ny Fikasany – TIANY izahay HANORINA FIANGONANA MITORY NY FILAZANTSARA FENO araka ny modelin’ ny Baiboly! – AMIN’ IZAY ANDRIAMANITRA DIA HANDROTSAKA AMIN’ NY FOMBA MAHERIVAIIKA NY FANAHY MASINA eto amin’ ity nosy ity manontolo!

Nandritra ny andro sy alina telo dia tsy nopizin-tory ny masonay rehefa niteny taminay ANDRIAMANITRA ka nampiseho taminay izay tiany hatao eto Madagasikara ... nohazavainy fa ho amin’ IO antony IO no nanirahany anay ho aty amin’ izao fotoana izao, ka nanomezany anay ireo fifohazam-panahy tena mahafinaritra, mba hahita fitia izahay eo imason’ ireo olom-panjakana izay hany afaka manokatra varavarana ho anay hampiorina ny hafatry ny Filazantsara feno eto amin’ ity tanin’ ny fo mangetaheta ity. Ny antony –

Tamin’ ny taona 1947 rehefa nanomboka nanome fifohazam-panahy lehibe ombam-panasitranana manerana izao tontolo izao Andriamanitra, dia nisy fo vitsivitsy nangetaheta tany Madagasikara izay nanomboka nitady fatratra an’ Andriamanitra. Maro no voavonjy, izay tsy mbola nahalala mihitsy ny famonjena teo aloha – ny sasany dia feno ny Fanahy Masina ka nanomboka nijoro vavolombelona sy nanao fivoriana an-trano ... napetrany ireo bokim-pivavahany ka nanomboka nivavaka tamin’ ny fony manontolo ireo ... kanefa izany dia nampisafoaka ny mpitondra fiangonana ka norohizana rojo sy natao an-tranomaizina ireo noho ny nandikany sy nanakorontanany fiangonana ... afaka herintaona dia maty ny mpitarika ireo ary tsy nisy olona ampy fahalalana ny Soratra Masina hitarika azy ireo ... voatery niverina tany am-piangonana ireo ... kanefa ny afo mbola niotrika tao am-pony ... fantatr’ ireo fa misy zavatra tsara kokoa sy tena izy – ka izany no notadiaviny! Andro aman’ alina nandritra ny taona maro no nitarainany tamin’ Andriamanitra haniraka mpitoriteny ho aminy hanome azy ireo ny FAHAMARINANA FENON’ NY FILAZANTSARA. Ny tomaniny dia henon’ ny sofin’ Andriamanitra ka nanetsika ny FON’ ANDRIAMANITRA haniraka mpitoriteny ho amin’ ireo.

Ary satria Madagasikara firenena vao nahaleo tena fa tsy zanatany frantsay intsony, dia nisy lalana novana ... fa raha tsy misy fiangonana ankatoavin’ ny Governemanta dia tsy haharitra sy hihitatra na oviana na oviana ny fifohazam-panahy ...

Amin’ ny maha – Evanjelisitra manana antso maneran-tany anay dia tsy hitanay izay fomba hijanonanay mandra-piorenan’ izany asa ilaina izany tsara sy hiroboroboany eto amin’ ity nosy ity ... nefa arakaraka ny nivavahanay no nanaovan’ Andriamanitra ho mazava ny sitrapony taminay – FANAHIH’ OLONA AMAN-TAPITRISANY no teo ambony mizana – miankina amin’ ny fanapahan-keviTRAY ny hamonjena na hamerezana ireo! – NANAPA-KEVITRA IZAHAY NY HANKATO NY FIJERIN’ ANDRIAMANITRA ka hijanona hiaraka amin’ ireo fanahin’ olona sarobidy aty Madagasikara mandra-panorenana FOIBEM-PIFOHAZAMPANAHY makadiry sy hanananay fotoana hampiorenanana feno ireo fanahy sarobidy amin’ ny fampianarana rehetra an’ i Jesosy Kristy – “hidera Azy ao amin’ ny fiangonan-dehibe aho” Salamo 26:12.